

Ahoana ny Fomba Famarana sy Fanomezana Fanafody

FAMANTARANA:

= dia midika hoe: **mira** na **mitovy amin'ny**

+ dia midika hoe: **sy na ampiana**



$$1 + 1 = 2$$

Iray ampiana iray mira roa.

AHOANA NY FOMBA FANORATRA NY AMPAHANY INDRAINDRAY:

Vongam-panafody 1= Fanafody iray manontolo =

Vongam-panafody 1/2 = Vongam-panafody tapany=

Vongam-panafody 1 1/2 = Vongam-panafody iray sy tapany=

Vongam-panafody 1/4 = Vongam-panafody fefany, na Vongam-panafody iray ampahaefany=

Vongam-panafody 1/8 = Vongam-panafody iray ampahavalony (zaraina 8 mitovy tsara ary maka iray amin'ireo voazara)



MAMATRA

Matetika ny fanafody dia lanjaina amin'ny grama (g.) sy miligrama (mg.).

1000 mg. = 1 g. (ny arivo miligrama dia manome iray grama)


1 mg. = .001 g. (ny iray miligrama dia manome ampaharivon'ny iray gram)

Ohatra:



Ny vongana aspirinina iray ho an'ny olon-dehibe iray dia misy aspirinina 300 miligrama.

.3 g.
0.3 g.
0.300 g.
300 mg.




Ireo rehetra ireo dia fomba samihafa entina hilazana 300 miligrama.



Ny vongana aspirinina iray ho an'ny zaza dia misy aspirinina 75 miligrama.

.075 g.
0.075 g.
75.0 mg.
75 mg.



Ireo rehetra ireo dia fomba samihafa entina hilazana 75 miligrama.

Fanamarihana: Amin'ny firenena sasany, misy ireo fanafody izay mbola lanjaina amin'ny voan-javatra; gr. = voanèjavatra ary 1 gr. = 65 mg. izany dia midika fa ny vongana aspirinina 5 gr. Dia milanja eo amin'ny 300 mg eo.


Zava-dehibe mihitsy ny mahafantatra ny grama na miligrama ny ao anatin'ny fanafody anankiray.

Ohatra, raha toa ka te anome silaka aspirinina ho an'olon-dehiba ho an'ny zaza, fa tsy manome azy aspirinina natokana ho an'ny zazakely, saingy tsy ainao ny angezan'izany...

Vakio ilay soratra kely eo amin'ireo marika tsirairay. Manambara izany hoe: aspirin: acetylsalicylic acid .3 g. (acetylsalicylic acid = aspirinina)



.3 g. = 300 mg. ary .075 g. = 75 mg. fantatrao amin'izay fa ny aspirinina ho an'ny olon-dehibe iray dia milanja in-4 mihoatra ny aspirinina ho an'ny zazakely.



Raha toa ka zarainao 4 mitovy ny aspirinina ho an'olon-dehibe 1, ny fahefany tsirairay = aspirinina ho an'ny zaza iray



Koa raha afaka zarainao 4 ny aspirinina ho an'ny olon-dehibe iray dia afaka omenao ampahany iray amin'izany ny zaza ho solon'ny aspirinina ho an'ny zazakely. Mitovy ireo roa ireo ary ny aspirinina ho an'ny olon-dehibe dia mora vidy kokoa.


TANDREMO: Maro ireo fanafody, indrindra fa ny antibiotika, no manana lanja sy habe isan-karazany. Ohatra: ny tetracycline dia mety hanana endrika 3 samihafa:



Tandremo tsara, omeo amin'ny fatrany tokony ho izy ny fanafody. Zava-dehibe tokoa ny mijery tsara ny lanjan'ny grama na miligrama misy ao anatin'ny fanafody iray.

Ohatra: Raha manambara toy izao ny taratasim-panafody: Mihinana tetracycline vongany 1 milanja 250 mg. in-4 ian'andro, nefa tsy manana afa-tsy capsule 50 mg. ianao dia tsy maintsy mihinana capsule 50 mg. miisy 5 in-4 ian'andro (capsule miisa 20 isan'andro).

$$50 \text{ mg.} + 50 \text{ mg.} + 50 \text{ mg.} + 50 \text{ mg.} + 50 \text{ mg.} = 250 \text{ mg.}$$



FANDREFESANA NY PENICILLIN

Ny Penicillin matetika dia refesina amin'ny venty.

U. = venty 1.600.000 U. = 1 g. na 1000 mg.

Maro amin'ireo endriky ny penicillin (pilina sy tsindrona) no manana fatra 400.000 U.

400.000 U. = 250 mg.

FANAFODY RANONY

Sirô, *suspensions*, fanafody mampatanjaka, sy ireo fanafody miendrika rano hafa dia refesina amin'ny millitatra:

ml. = millitatra

1 litatra = 1000 ml.

Ireo fanafody ranony matetika dia afatra amin'ny sotro fihinanana na sotrokely:

1 sotrokely (tsp.) = 5 ml.

1 sotro fihinanana (Tbs.) = 15 ml.



3 sotrokely =

1 sotro fihinanana

Rehefa milaza ny toromarika mikasika ny fanafody hoe: Mihinana 1 tsp., izany dia midika hoe mihinana 5 ml.


Maro amin'ireo 'sotrokely' ampiasain'ny olona no mahazaka betsaka toy ny 8 ml. na kely toy ny 3 ml. **Rehefa mampiasa sotrokely hanomezana fanafody ianao dia zava-dehibe tokoa ny maha 5 ml. ny refin'izany — Tsy mihoatra. Tsy latsaka.**

Ahoana no Ahazoana Antoka fa Mirefy 5 ml. Tokoa Ilay Sotrokely Ampiasaina Handrefesana Fanafody


1. Mividiana sotrokely famarana 5 ml.



na




2. Mividiana fanafody efa misy sotrokely. Mirefy 5ml. izany rehefa feno ary mety misy marika ihany koa maneho ny atsanany (2.5 ml.). Tehirizo ilay sotrokely ary ampiasao handrefesana fanafody hafa



na


5 ml.

3. Fenoy rano 5 ml. ny sotrokely ao an-trano amin'ny alalan'ny fanindromana na zavatra hafa ahafahana mandrefy, **ary mariho eo amin'ny faritra misy ilay rano.**



AHOANA NY FOMBA HANOMEZANA FANAFODY NY ANKIZY MADINIKA

Maro amin'ireo fanafody miendrika pilina na capsule no miendrika sirô na *suspension* (endrika rano manokana) ho an'ireo zaza. Raha ampitahainao ny habetsaky ny fanafody azonao, ny sirô matetika dia lafo kokoa noho ny pilina na ny capsule. Azonao atao tsara ny mitsitsy vola amin'ny alalan'ny fanamboarana ny sirô toy izao manaraka izao:




na sokafy ilay capsule



siramamy na tantely

afangaro amin'ny rano napangotrachina (nampangatsiahina) sy siramamy na tantely ilay vovompanafody.

rano nampangotrachina sy nampangatsiahina




Tsy maintsy ampiano siramamy na tantely betsaka raha mangidy be ilay fanafody (tetracycline na chloroquine).

Rehefa manamboatra sirô ho an'ny zaza amin'ny alalan'ny pilina na capsule dia **tandremo tsara tsy hanome azy fanafody be loatra. Aza omena tantely ihany koa ny zaza latsaky ny erintaona.** Na dia tsy mitranga matetika aza, dia misy ihany ny zazakely sasany maneho tsy-fahazakàna ka mampidi-doza.

TANDREMO: Mba tsy ahakofona azy dia aza omena fanafody ny zaza raha toa mitsilàny, na koa miandrindra ny lohany. Ataovy mipetraka tsara izy na koa atraka ny lohany. Aza omena fanafody mihitsy ao am-bavan'ny zaza mifanintona na matory na tsy matsiaro tena.


TOY INONA NY FATRAN'NY FANAFODY OMENA NY ZAZA RAHA TOA KA TOROMARIKA HO AN'NY OLON-DEHIBE IHANY NO ANANANAO?

Amin'ny ankapobeny dia arakaraky ny hakelin'ny zaza ny hakelin'ny fanafody ilainy. Ny fanomezana azy fanafody betsaka noho ny ilainy dia mampidi-doza. Raha mahalala ny fatra tokony omena ny ankizy ianao dia araho tsara izany. Raha tsy anananao ilay fatra dia tombano araky ny lanja na taonan'ilay ankizy izany. Amin'ny ankapobeny, ireo ankizy dia omena ny ampahan'ny fatra ho an'ny olon-dehibe toy izao manaraka izao:



1 kilograma (kg.) = 2.2 pounds (lbs.)

AHOANA NY FOMBA FIHINANANA FANAFODY




Zava-dehibe ny mihinana fanafody amin'ny ora nolazaina fa tokony hihinanana izany. Ny fanafody sasany dia hanina in-dray isan'andro ihany, fa ny sasany kosa dia tokony hanina matetika. Raha toa ka tsy manana famantaranandro ianao dia tsy maninona. Raha milaza ny toromarika hoe 'pilina 1 isaky ny adin'ny 8' dia mihinana in-3 isan'andro: iray amin'ny maraina, iray amin'ny folakandro, ary iray amin'ny alina. Raha milaza ny toromarika hoe 'pilina 1 isaky ny adin'ny 6' dia mihinana in-4 isan'andro: iray amin'ny maraina, iray amin'ny mitatao vovonana, ny iray amin'ny folakandro, ary ny iray amin'ny alina. Raha '1 isaky ny adin'ny 4' kosa ny lazain'ny toromarika dia mihinana 6 isan'andro, ka elanelanina ora mitovy ny fihinanana ireo pilina.

Rehefa manome fanafody olona hafa ianao dia tsara raha soratana ny toromarika ary asaina averin'ilay olona aminao ny fotoana hihinanana ny fanafody. Ataovy azo antoka fa azony tsara izany.


Mba hampatsiahivana ireo olona tsy mahay mamaky teny ny fotoana hihinanany ny fanafody dia afaka omenao fanamarihana toy izao izy

Eo amin'ny banga eto ambany dia ataovy sary ny isan'ny fanafody tokony haniny ary azavao azy tsara ny dikan'izany.




Ohatra:


Ity dia midika vongam-panafody 1 in-4 isan'andro, 1 rehefa mimosaka ny masoandro, 1 mitatao vovonana, 1 rehefa maty masoandro, ary 1 amin'ny alina be.




Ity dia midika vongam-panafody 1/2 in-4 isan'andro.




Ity dia midika capsule 1 in-3 isan'andro.



Ity dia midika vongam-panafody 1/4 in-2 isan'andro.



Ity dia midika 2 sotrokely in-droa isan'and



REHEFA MANOME FANAFODY OLONA IANAO . . .

Soraty ao amin'ny toromarika miaraka amin'ilay fanafody foana ireto fampahalalana manaraka ireto—na dia tsy mahay mamaky teny aza ilay olona:

- anaran'ilay olona →
- anaran'ilay fanafody →
- ho an'ny inona izy io →
- ny fatrany →

Name: Johnny Brown			
Medicine: Piperazine 500mg. Tablets			
For: Thread worm			
Dosage: Take 2 tablets twice a day			

Ity fampahalalana ity dia afaka ampiarahana amin'ny fanamarihana misy ny sarin'ny fomba famarana.

Misy pejy mirakitra ireo fomba famarana ireo any amin'ny faran'ity boky ity. Rovito izy ireo ary ampiasao amin'ny tokony ilana azy. Raha tsy manana intsony ianao dia afaka manamboatra izany.

Rehefa manome fanafody olon-kafa ianao dia raiso an-tsoratra izany fampahalalana izany. Raha azo atao dia tehirizo ny Tatitra Mikasika ny Marary feno (jereo p. 44).

MIHINANA FANAFODY REHEFA VOKY NA REHEFA NOANA

Misy ny fanafody sasany mandaitra kokoa rehefa noana ianao no mihinana azy—izany ho ora iray alohan'ny sakafo.

Ny fanafody sasany indray dia mahatonga aretim-bavony na mamaivay ao anaty vavony (marary ao anaty tratra) rehefa hanina mandritra ny sakafo na vantany vao avy misakafo.

Hano 1 ora alohan'ny sakafo ireto fanafody ireto:

- penicillin
- ampicillin
- tetracycline

aleo tsy misotro ronono adin'ny iray mialoha na aorian'ny fihinanana tetracycline.

Hano miaraka amin'ny sakafo na vantany vao avy misakafo ireto fanafody ireto (na miaraka amin'ny rano be dia be):

- aspirinina sy fanafody misy aspirinina
- vy na fera (ferrous sulfate)
- vitaminina
- erythromycin

Ny Antacids dia mandaitra kokoa raha hanina rehefa tsy misy na inona na inona ao anaty vavony, 1 na 2 ora aorian'ny sakafo na alohan'ny hatory.

Fanamarihana: tsara kokoa ny mihinana fanafody eo ampitsanganana na mipetraka. Ezaho ihany koa ny misotro rano iray vera isaky ny mihinana fanafody ianao. Raha toa ka mihinana fanafody sulfa dia zava-dehibe tokoa ny **fisotroana rano be dia be**, farafahakeliny 8 vera isan'andro mba hialana amin'ny aretin'ny voa.